



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ce 24/06/24
see PV
✓
CR 298
16/02 26
56

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-298

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-006/2024 TAMIN'NY 7 FEBROARY 2024 "AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET D'AUTONOMISATION ET DE RESILIENCE DES FILLES EN AFRIQUE DE L'EST (PI 79293)-EAST AFRICA GIRLS'EMPOWERMENT AND RESILIENCE PROGRAM (EAGER), CONCLU LE 31 OCTOBRE 2023 ENTRE LE REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (IDA)»..

Fivoriana faha-7
Natao ny
Alarobia 19 Jona 2024
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alarobia 19 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 31 octobre 2023 entre le République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nitohy ny Alarobia 19 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, nomarihany fa tsy mbola tontosa ny asam-baomiera tokony handinihana ity Volavolan-dalàna ity. Koa raha ny marina, tsy maintsy miandry fandaharam-potoana manaraka aorian'ny fahavitan'ny asam-baomiera vao afaka mandinika sy mandray fanapahan-kevitra mikasika azy ny fivoriambe.

Notsindriany koa fa ny andininy faha-75 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no milaza fa: tsy misy Volavola na Tolo-dalàna na dia iray aza azo aroso amin'ny fanapahan-kevitra ny Antenimiera raha tsy efa nanaovan'ny Vaomiera mahefa tatitra mialoha. Izay no antony tsy ahafahana mandinika sy mandray fanapahan-kevitra mikasika ity Volavolan-dalàna laharana faha-006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and Resilience Program (EAGER), conclu le 31 octobre 2023 entre le République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» ity.

Rehefa izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa aorian'izao fivoriambe izao, hisy ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 «relatif au code de travail». Ny

Alakamisy 20 Jona 2024 amin'ny 10 ora, maraina, kosa ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2024 tamin'ny 27 Martsa 2024 «autorisant la ratification de la Convention de l'Union Africaine sur le cyber sécurité et la protection des données personnelles, dite Convention de Malabo, adoptée lors de la 23^{ème} session ordinaire du Sommet de l'Union Africaine, à Malabo, Guinée Equatoriale le 27 juin 2014».

Amin'ny 11 ora, atoandro, indray ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL «modifiant l'annexe de la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par le député TSARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest».

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-020/2022 tamin'ny 30 Novambra 2022 «autorisant l'adhésion de Madagascar à l'accord de Georgetown tel que révisé par décision N°1/CX/10 de la 110^{ème} session du Conseil des Ministres ACP tenue à Nairobi, Kenya le 7 décembre 2019 et approuvé par le 9^{ème} Sommet des Chefs d'Etat et du Gouvernement ACP tenu à Nairobi, Kenya les 9 et 10 décembre 2019 ou Accord de Georgetown révisé».

Nanao satroka, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, ka nomena fitenenana. Nambarany fa efa vita ny asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 "relatif au code de travail". Koa nangataka ny tenany ny mba handrosoana ny fivoriambe mikasika io Volavolan-dalàna io ny Alakamisy 20 Jona 2024.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa somary feno ny fandaharam-potoan'ny Antenimierampirenena amin'io Alakamisy 20 Jona 2024, kanefa ny fivoriambe ihany no manapaka izany amin'ny alalan'ny tsangan-tànana.

Taorian'izay, natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 13 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa haroso ny Alakamisy 20 Jona 2024 ny fandraisan'ny fivoriambe fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-024/2023 tamin'ny 28 Novambra 2023 "relatif au code de travail".

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

